## Ny Valosoa sy hadihady

### Fampielezan-kevitr'i Rajoelina

# Raisinay ny volany fa adala tompo hoy ireo mpanatrika

Rasinay ny volany fa adala tompo, efa fantatray ny hofidianay hoy ireo mpanatrika ny fampielezan-kevitry ny kandidà Vazaha Andry rajoleina, tsy teto Antananarivo ihany no nahenoana an'izany, fat any amin'ny faritra ihany koa, nandritra ny fihaonan'ity kandidà ity tamin'ireo olona tamin'ny faritra nandalovany. Efa hitan'ny olona ny tsy fahaizamitantany, ny lainga maro nataony ary ny fampijaliana vahoaka nandritra izay 5 taona izay, ka efa tena leo sy tofoka an'ity filoha teo aloha, ninia naka ny zompirenena Frantsay ity ny maro. Ankoatra izany, mivangongo sy hita miavosa eo anivon-dry Andry Rajoelina sy ireo TGV ary ireo mpanohana mpisolelaka rehetra azy ankehitriny, ny fomba sy endri-paharatsiana rehetra mamohehitra tsy tokony fampiseho masoandro mihitsy ao anatin'izao lalana hizorana ho amin'ny fanomanana ny fifidianana izao. Anisan'izany ny fihantsiana, ny fandranitana ary ny fikasihan-tanana ireo vahoaka marobe milahatra an-dalambe mandeha am-pilaminana manohitra ny handraisan'ny kandidà frantsay, Andry Rajoelina, izay mitady hirotsaka amin'ny fifidianana. Nisy mihitsy aza ny fandrobana fananan'olona toy ny findain'ny mpanao gazety iray izay nitranga teny Ampasampito. Santionany ihany ireo, fa maro ny haratsiam-pomba ataon'izy ireo, ary ampiasainy avokoa hatrany amin'ny manampahefana rehetra azony fehezina sy ataony fitaovana, mba tsy ilazana hoe ziogainy toy ny : fitsarana, Ceni, Hcc, governemanta, Senatera na Loholona eny Anosikely, Olom-boatendry toy ny Ben'ny tanàna sy Dépiote, Prefektiora, Zandary sy miaramila ary polisy indrindra ireo lehiben'ireo, sns... Miendrika ny fomba ratsy tany Alemaiña tamin'ny andron'i Hitler, hoy ny mpamakafaka, no ampiharina eto amin'ity firenena ity. Nohosihosen'ireo sy tsy namakiany loha ny voarakitry ny Lalàmpanorenana sy ny Lalàm-pifidianana, fa izay lalàna azony roritiny amin'izay maha metimety azy iarovany ny tombontsoany manokana sy ny sezany. Noho ny herisetra sy fandratrana natao ireo mpanao hetsika am-pilaminana, dia azo lazaina tsotra izao, fa mihoson-drà ny tanànan'i Ntsay Christian sy ireo mpikambana eo anivon'ny governemanta miaraka aminy, na ihany koa ny prefet sy ireo lehiben'ny zandary nanome baiko. Nandatsaka ny ràn'ny mpiray tanindrazana aminy izy ireo amin'izao fotoana izao, ary heloka bevava eto amin'ny firenena izany, ka tsy tokony avelavela amin'izao fotsiny. Ireny rehetra ireny aloha dia hipetraka ho voarakitra ho tantara avokoa, ary tsy afa-maina fa tafiditra ao anatin'izany ilay rangahy mpanefoefo mpamatsy vola ireo olona irahiny hihetraketraka. Rahararaha tsy ho voafafa sy tsy ho vita izany fa hitoetra mandrakariva ao am-po sy ao an-tsain'ny vahoaka malagasy mitaky ny fampiharana ny lalàna, sy ny famerenana ny firenena ho amin'ny toerana mendrika azy. Tsy azo ekena velively raha olona tsy mitàna sy tsy mandàla ny fahamarinana no hitondra ity firenena ity. Raha ny feo re teny Antanimena, Ankorondrano, Ambodivona,... tamin'ireo nilahatra nanara-dia an-dRajoelina nandritra izany: tsy ampijaliana mandritra ny 5 taona intsony izahay hoy izy ireo, fa raisinay aloha ny vola sy ny tee-shirt-ny. Fantatra nandritra izany fa vola 20000 Ar no nozaraina niampy akanjo. Mamita-tena tokoa ity kandidà Vazaha ity amin'izao fampielezan-kevitra ataony izao, misy mihitsy ny milaza fa karazan'ny fety fanaovam-beloma no ataony nandritra izay andro vitsivitsy nitetezany faritra izay, fa tsy ho tafaverina eo amin'ny fitondrana intsony Rajoelina izay efa ninia ho Frantsay.

*Sôh'son*

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Tsy fanajana lalàna no olana fototra mila vahana eto Madagasikara

Ny olana fototra eto amin'ity firenena dia iniana ikimpiana amin'izao fotoana izao. Ary ny mpitarika izany dia ireo olona sy sokajin'olona heverina ho tokony môdely no tena fositra tsy ivahan'ny olana. Ny olana fototra dia ny tsy fifampitokisana, fa miaina amin'ny ahiahy na amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana rehetra na indrindra ao anatin'izao fizorana ho amin'ny lalan'ny fifidianana izao. Ny misongadina dia misy ny tsy fanajàna ny lalàna na lalànan'ny fifidianana na ny Lalàmpanorenana indrindra indrindra, izay fototra amin'ny dia izoran'ny firenena sy ny olom-pirenena rehetra. Miharihary ny fitanilan'ny rafitra misahana ny fifidianana na ny Vaomiera mahaleotena misahana ny fifidianana, sy ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana. Hitan'ny vahoaka malagasy maso sy ren'ny sofina ary iainana isan'andro izany zava-misy izany. Eo indrindra no miteraka ny olana goavana, satria manome sary hipetraka ao amin'ny lasin-tsainy na lasijikan'ny sarambabem-bahoaka izay zavatra hitany sy fantany, ka mitondra azy ho amin'ny fiheverana iray momba ireo mihazom-pahefana na ireo mpanao politika na ny raharaham-pirenena. Tsy maintsy vahana anefa io olana fototra io raha tiana marina ny handrosoan'ny firenena. Tsy afaka hiara-dia mantsy ny olona tsy mifampatoky, izay midika izany fa n'inona n'inona fanentanana atao amin'ilay vahoaka ny amin'ny hiarahany hientana amin'ny asa sy ezaka atao amin'ny fampandrosoana ny firenena dia ho zava-poana ihany izany ary karazany rano araraka an-damosin'ny gisa fotsiny ihany. Ho lany fotoana sy very andro fotsiny ihany koa fa ho volan-kankafotra ny raharaha.

Ny tsy ho tonga amin'izany indrindra no sorohin'ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), ary te hiezaka mafy izy hitondra ny anjara birikiny amin'ny fanavotana ity firenena ity. Efa nisy ireo olona sy fikambanana natonina momba ny kinasany amin'izany, saingy mbola mila ampiana tosika izany haharesy lahatra ny maro. Mbola hiandry fotoana hahapotehan'ny firenena bebe kokoa ve izy ireo? Hadisoana anefa izany fa izao fotoana izao mihitsy no tokony hijoroana sy handraisana andraikitra. Miandry azy ireo sy ny rehetra hatrany ny Vovonana hiara-hiasa aminy. Mitohy hatrany ihany koa anefa ny asa ataon'ny AFK mandritra izany. Fifandraisana 0341746053.

*Aris*



*Ny tokony ho fitaratra amin'ny fanajan-dalàna sy lalàmpanorenana ato Ambohidahy, no toa tsy manaja izany amin'izao fotoana.*

VONDRON'NY SENDIKÀN'NY MPIASA

# Hijoro sy hiteny amin'izay rehefa tsy nohenoina nandritra ny 5 taona

Tsy nohenoin'ny fitondrana Rajoelina nandritra izay 5 taona lasa izay, hijoro sy hiteny amin'izay ny vondron'ny sendikan'ny mpiasa eto Madagasikara. Tonga ankehitriny ny fotoana hoy izy ireo tsy maintsy itenenana, nandritra ny fandaharana manokana tamin'ny fahitalavitra ny faran'ny herinandro teo. Novelabelarin'i Andrianavalona Ramanambola Herizo, filohan'ny SSM (Solidarité syndicale de Madagascar), sy ny sekretera jeneraly Ralibera Jerisoa, ireo olana hatramin'izay, sy ny fahatsapan'ny sendika ny fanaovana an-kilabao ny mpiasa.Tao ireo tsy nahazo karama toa ny mpiasan'ny Kraoma, Secren, FCE , fa misy koa ireo notapahana karama noho ny fahasahiany nijoro nilaza ny tsy mety sy ny tsy rariny, tahaka ny ao main'ny mpiraki-draharahan'ny fitsarana. Marihina fa mahatratra 83 isa ireo sendika, manerana an'i Madagasikara mivondrona sy miara-miasa amin'ny SSM. Misy fitanilana koa izy ireo eo amin'ny resaka, eo anivon'ny fanjakana: ny raisinay sy ny mpiasa maro izao dia 14000 Ar isambolana ny hofantrano, ireo chef de service sy tale dia mahazo tombony manokana, ka mahazo taratasy hahafahany maka vola tambina hofan-trano hatrany amin'ny 400000 Ar isam-bolana. Ny miaramila mahazo tambina hofantrano 390000 Ar isambolana . Mila hatsaraina hifanaraka amin'ny zavamisy ny resaka tambinkarama, hoy hatrany ireo sendikalista ireto.

*Stefa*



*Ny sasany amin'ireo mpitarika ny vondron'ny sendikà eto Madagasikara.*

## TONONKALO

### Tsy tafa i kandida vazaha

Fotoana vitsy no isaina dia tsy maintsy handao ny sehatra
Ito kandidà vazaha izay nolazaina ho andrarezina.
Efa tapitra nataony irony fomba mamohehatra ,
Saingy ho azy , tsy hay sakanana ny fianjerana miezinezina !

Mandeha ny fizaràna vola sy ny fanambazana olona,
Misy ireo nomena baiko hanao ny asan-jiolahy.
Izany anefa toa vao mainka mampafana be ny tolona,
Fa ny iraikambinifolo koa dia tena mihasahy !

Ireo mpitandro filaminana , tsy dia fantatra mazava,
Misy miomana handamina sy miezaka handrindra,
Saingy misy koa ampahany nampanaovin-tsarontava.
Asa raha ny handripaka aina, izay no lehibe indrindra !

Ny hany sisa fara hery dia ny mampihorohoro,
Nefa dia tsy maintsy hijoboka ito kandidà vazaha.
Moa tsy misy « ny to teny » mety afaka hanoro
Ka hibitsibitsika aminy hoe « ampy izay fa miataha » ?

*DADAN'i ZINA (15-10-23)*